FANAMBARANA

NY ANKOLAFY TELO ZAFY ALBERT, RATSIRAKA DIDIER, RAVALOMANANA MARC:

A- Rehefa nivory teto Antananarivo ny faha-13 sy 14 Aogositra 2010, niaraka tamin'ireo Solontena avy amin'ny Faritra manerana ny Nosy sy ny Ampanjaka, Sojabe , Tangalamena ary ny Solontenan'ny Hery Velona misy eto amin'ny Firenena,

B- Rehefa nandinika ny fipetraky ny krizy sy ny fomba ary ny lalana mety hivoahana amin'izany

Dia

1. Mahatsapa fa mihalalina amin'ny lafiny rehetra ny krizy (politika, toe-karena, sosialy, fandriam-pahalemana, moraly),
2. Manambara fa Andriamatoa Andry Rajoelina no sakana tsy ivoahana amin'ny krizy noho ny fiziriziriany, ny tsy firaharahiany ny fahoriam-bahoaka, ny fitiavan-tenany diso tafahoatra,
3. Mihevitra fa ny fiandanian'ny miaramila, zandary, polisy sasantsasany aminy no mahatonga izao fihetsik'Andriamatoa Andry Rajoelina izao ka lasa sakana amin'ny famahana ny krizy,
4. Manamafy fa ny fampiharana ny fifanarahana nosoniavina tany Maputo sy Addis Abeba no làlana azo antoka sy haingana hivoahana amin'ny krizy ka hahatongavana amin'ny fahatoniana ara-politika, hahazahoana ny fankatoavana iraisam-pirenena, hiverenan'ny mpamatsy sy mpampiasa vola vahiny, mba hampiarina ny toe-karena sy ny fiainam-bahoaka,
5. Maneho ny fahavononany hiara-hitady ny vahaolana amin'ny Hery velona rehetra eto amin'ny Firenena miaraka amin'ny CNOSC eo ambany fitarihan'i Prézidà Chissano mba hahazoana ny fankatoavan'ny Fianakaviambe iraisam-pirenena,

Noho izany,

6. Milaza ny Ankolafy telo fa nanala ny tenany tamin'ny ezaka ho enti-mamaha ny krizy Atoa Rajoelina
7. Manao antso avo amin'ny Tafika, ny Zandary ary ny Polisy mba hijoro amin'ny maha-tena "Tandroka aron'ny vozona" azy, fa tsy hijoro ho sakana amin'ny famahana ny krizy amin'ny alàlan'ny fialokalofana ao ambadikin'ny sarisarina tsy fiandaniana izay tsy inona fa fanohanana tsy misy fepetra an'Atoa Andry Rajoelina
8. Miantso antsika mpanao politika Malagasy rehetra tsy an-kanavaka tafavondrona anaty Ankolafy samihafa hifanatona ka hifampidinika mba hamaranana faran'izay haingana izao krizy izao fa mikaikaika sy miantso vonjy amintsika ny mpiray tanindrazana,
9. Manao antso avo amin'ny Vahoaka Malagasy manerana ny Nosy mba hiara-hientana aminay ho fanavotam-pirenena

Natao teto Antananarivo, anio faha-14 aogositra 2010